## *ASAM-PANIRAHAN-DRY MASERA ANY COLLE CAGIOLI (Italia)*



**Masera Eugenia** :

Mamangy ny olona any an-tokantrano aho sy mitondra kômônio ho an'ny marary (ara-batana sy ara-tsaina) ary ihany koa mandeha any amin'ny trano mitaiza zokiolona. Maro ireo olana hitako amin'ireo fianakaviana : fisaharana, tsy fananana asa, fahantrana… ….

Tsy mahavaha ny olana rehetra isika….Noho izany ny vitako dia : MIHAINO, MIVAVAKA, MITONDRA sakafo sy fitafiana ho an'ireo izay tena mahantra.



**Masera Suzanne** : Isaky ny Alarobia maraina dia mankany amin'ny Karitasy.




Rehefa mandray olona izahay dia maka fotoana aloha mihaino ny olana atrehan'izy ireo, ny filàny ary aorian'izay vao manome sakafo sy fitafiana.

Maro izy ireo: maherin'ny fianakaviana 200! Izany no tsy ahafahana manome sakafo afa tsy indray mandeha isam-bolana.Miatrika tranga manokana ihany koa izahay: ohatra olona mila fanampiana ara-bola, sakafo atoandro,sns…

Ny Alarobia tolak'andro miaraka amina ramatoa iray mitondra kômônio ho any amin'ny trano mitaiza zokiolona miisa 30 aho. Mitondra kômônio ho an'olona 8 ihany koa aho (fianakaviana fito) : isan-kerinandro ho an'ny olona 3 ary ny 5 hafa, indray mandeha isam-bolana araka ny fangatahany. Miezaka mijanona atsasankadiny na adiny iray miaraka amin'ireo olona mipetra-drery aho. Mahafaly azy izany satria ny olana dia tsy manam-potoana intsony ireo zanany hihainoana azy . Tena mila henoina anefa izy ireo na dia mamerimberina izay efa voalaza aza !



**Masera Susanna** :



Mitondra am-bavaka andry masera aho amin'ny asam-panirahana sahaniny. Misolo an'i Suzanne ao andakozia rehefa tsy eo izy.Mandray ireo olona tonga mamangy anay

